# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 05/12/2020 hatramin'ny 12/12/2020**

**- TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17

**- ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

**- MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

**- MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78

**- ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/ 034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1102-12-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIANARANTSOA

# Bodoin'ny fitondrana ataony amboletra ny tanin'ny Tiko

Araka ny vaovao voaray, fantatra izao fa bodoin'ny fitondrana ataony amboletra indray koa ny tanin'ny orinasa Tiko any Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony. Araka ny loharanom-baovao, dia natolotry ny « Chambre de Commerce », na ny Antenimieran'ny Varotra an'ny Polisim-pirenena io tanin'ny orinasa TIKO io, ary minisitra vitsivitsy no efa tonga tany an-toerana ny faran'ny herinandro lasa teo, nametraka vato fototra hanaovana fanorenana eo amin'ilay toerana.

Ny mahagaga dia ny hoe azon'ny fanjakana atao ve ny mibodo tanin'olona fotsiny toa izao tsy misy fifampierana, fa manampatra fahefana avy hatrany. Tsy mijanona arak'izany, fa mitohy hatrany ny antsojay atao amin'ny orinasan'ny filoha Marc Ravalomanana. Niala tamin' ny fandrodanana ny orinasa tany Toamasina, faritra Atsinanana, sy ny fangalarana ireo fitaovana tao anatiny, izao indray ny taniny any Fianarantsoa no bodoina, ka natolotr'izy ireo ny polisim-pirenena. Raha vahiny no nahazo io tany io, heverina fa nolohavin'ny fitondrana Rajoelina tsy misy toa izany, fa Malagasy no tompony dia somparana isan'andro.

***Ny Valosoa***




***Ny toerana misy ny orinasa Tiko any Fianarantsoa.***

Vidim-bary ho 550 Ar ny kapoaka

# Fanampiana ireo tantsaha any ivelany, fa tsy ny tantsaha Malagasy

Foto-tsakafon'ny malagasy ny vary araky ny efa ambetindresaka eto amin'ny gazety izany, tsy mahagaga raha io resa-bary io indray izao no ampiasain'ny fitondrana hakana ny fom-bahoaka efa tofoka sy leo aminy.

Nisy ny fanambarana navoakan'Ingahy Praminisitra, fa tsy tokony hihoatra ny 550 Ariary hono ny kapoakam-bary, izany hoe tsy tokony hihoatra ny 1925 Ariary ny vidimbary iray kilao, satria telo kapoaka sy tapany ny vary iray kilao. Nanambara Ramatoa minisitra miadidy ny varotra, fa ho hentitra hono ny fitondrana, ary tamin'ny sabotsy lasa teo dia nisy ny fidinan'ireo mpiasan'ny minisitera nisava ny fitoeran'entan'ireo mpivarotra teny Anosibe sy Namontana, ny fanazavana nentin'ireo mpitondra dia efa nifampiresahana hono ireo tompon'andraikitra voakasika amin'ny vidimbary, noho izany azo atao tsara ny mitazona io vidiny voalaza io ,ka hisy hono ny fandraisana fepetra hanakatonana ny tsenan'izay tsy manaraka ny voalazan'ny fitondrana .

Efa andron'ny fanalalahana eo amin'ny lafiny vidin'entana amin'izao fotoana izao, noho izany mahamenatra izany hoe fitondrana mametra ny vidimbary sy manakatona toeram-pivarotana izany, tokony hitady fomba hafa mahomby tsy hampiakatra ny vidimbary ireo milaza azy ho mpitondra mitsinjo vahoaka, fantatra fa nanafatra vary avy any ivelany ny fitondrana, ka ireo vary avy any ivelany ireo no nokajiana ny vidiny, dia terena hanaraka izany koa ny vary vokatra eto an-toerana, kanefa volabe no lanin'ny tantsaha vao nahavita ny fambolem-bary, satria ny hita porofo dia tsy dia nisy ny fanampiana avy amin'ny fanjakana teo amin'ny ho enti-manana toy ny masomboly, zezika, sns… afa tsy izay vola lany mandra-pahatongavan'ny vary any an-tsompitra, manginy fotsiny ny olana eo amin'ny tsy fahan-



driampahalemana sy ny haratsin'ny lalana ary ny fanararaotana ataon'ireo mpijirika. Fa mikasika ireo vary nafarana dia matetika sandain'ny fitondrana ny vidiny, ka hamidy masonkarena na miditra fatiantoka isika malagasy, ny dikan'izany dia ireo tantsaha any ivelany toy ny any Chine sy Pakistan no ampian'ny fitondrana, fa tsy ny tantsaha malagasy.


Tsy sasatra isika eto amin'ny gazety mamerimberina, fa nisy ny fomba fiasa matotra sy mahomby nampiasain'ny fitondrana notarihan'ny Filoha Marc Ravalomanana nanampiana ny mpamboly vary, ka ny tantsaha nahazo tombony be dia be ary ny mpihinana tsy maty antoka, afaka nifidy izay karazam-bary tiany ho vidiana teny an-tsena. Politikan'ny fambolem-bary nampiasaina tamin'ny fomba hentitra no nampiharin'ny Filoha Ravalomanana teto amin'ny firenena, nihena ny fanafaram-bary ary afaka nanondrana tamin'ny vidiny lafo aza isika malagasy. Ka asa afaka manome tetiandro ve ny fitondrana hoe hatramin'ny rahoviana no hahafahany mifehy ireo mpivarotra? satria hita ho vahaolana petatoko ihany ity noraisina, ny toromarika omena ny mpitondra dia tsotra sady mazava, tongava maka lesona any amin'ny Filoha Ravalomanana, fa izy no efa manana traikefa amin'ny fitsinjovana ny tantsaha mpamboly vary, sy ireo mpihinana aty an-drenivohitra.

***Ny Valosoa***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 330**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0329)

| *Mitsivalana* | Ara | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Sampona | - Bala – Tay (miv) | - Sojabe | - Osy – Il |
| - Ovy – Saka | - Ena – Iny | - Avotana | - Na – Aina |
| - Jolay – AN | - Aoriana | - Milalao | - Niaraka (miv) |
| - Sata (miv) – | | - Asa | - Tana (miv) |

## TENY MIFANARAKA N° 330




**Mitsivalana**

**1.** Rantsana – Tsirin-teny (miv) **2.** Fitaterana any amin'ny faritra **3.** Olon-droa miaraka – Matanjaka **4.** Mitsofoka **5.** Nosy mikorontana – Loko (BR) **6.** Nosintsika **7.** Seranana (BL) – Mpanolotra – Kianteny **8.** Ajanony **9.** Loza mitatao – Mampisafidy **10.** Efatra – Sitrano (miv)

**Mitsangana**

**A.** Fiaviana tsy mitovy – Metaly **B.** Azo ara-dalàna (miv) **D.** Mpamandrika, mampatahotra **E.** Mpitandro filaminana – Fanekena **F.** Dio (miv) – Mari-danja **G.** Nitsako, nitelina **H.** Olon-tiana (miv) – Sehatra **I.** Ambany **J.** Raharahako – Maneho olo-masina **K.** Manao fitaka etsy sy eroa

## Valiny Teny mifanaraka 0329

**Mitsivalana**

**1.** Tsipika - Na **2.** Vin - Mor/a **3.** Ifaliana **4.** Nato - Fonja **5.** Ota - Fe **6.** Is - Rovitra **7.** Naka - Ady **8.** Aia - Aty - An **9.** Misaina **10.** Manadino

**Mitsangana**

**A** Taingina **B.** Fa - Saina **D.** Ivato - Ka **E.** Pilotra - Ma **F.** Iny - Ao - Dia (miv) **G.** Af(o) - Vatsy **H.** Nofidian(a) **I.** Manety - Io **J.** No - An K. Mangalatra (miv)